# Mofonaina 21 Aogositra 2024 – Isaia 52.11-12

**Isaia 52:11-12**
**Manamasina ny tenany ny Mpino**

Baikona hiala amin'ny endriky ny tsy fahamasinana ary amin'ny fomba rehetra isika: **Mialà, Mivoaha, Madiova**.

1. **Baiko sy Fandidiana ataon'ny Mpaminany ho an'ireo Babo tany Babylona ny hialana amin'izay tsy madio :**
   - Tsy tambazana hiala fa didiana.
   - Eto amin'izao tontolo izao, isika dia mba ifampahery hiala amin'izay endrika tsy fahamasinana rehetra tokoa.
   - Aza miandry tambim-pitahiana vao hiroso amin'ny fahamasinana.

2. **Any Babylona ny Zanak'Israely no didiana hivoaka sy hiala :**
   - Eto amin'izao tontolo izao, isika no andrasana hibebaka sy hiala amin'ny fanandevozan'ny ota.
   - Aza miandry any an-danitra koa vao hiala amin'ny fahotana.

Amin'ny fanatanterahana ny baikony, tsarovy mandrakariva fa eo aloha ary mitarika antsika ny Tompo.

**Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra. Amena.**
**Manonona ny Fahasoavan'ny Tompo. (MFT)**